Andry Raobelina sy Siteny **3**

## Samy kandidà ho filoham-pirenana 2023

Razafitsiandraofa Brunnel **3**

## Tafapetraka ao amin'ny HCC ny dosie firotsahan-kofidiany


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 2 septambra 2023 Laharana 1468 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Coupe du Monde FIFA 2026 **5**

**Ireo lalao hatrehan' ny Barea amin'ny fifanintsanana**

Filoha Marc Ravalomanana **2**

# Efa ela no vonona amin'ny resaka fifidianana ny TIM



Hialana amin'ny korontana **2**

# Maika ny fifampiresahana mialohan'ny fifidianana hoy ny FFKM



Miala Rajoelina **2**

# Herinandro sisa tsy azo sakanana ny fotoana

# J - 7

Mitokona ny mpikirakira hena **6**

# Mananosarotra ny fahitana henomby sy hena kisoa any Toamasina




Lalaon'ny Nosy 2023 **5**

**Hitohy anio sabotsy ny lalao Rugby à 7**

Manana mari-pahaizana ambony **7**

**43 taona ny fivondronamben' izy ireo na ny CPTPM**

**Daka kely**



Efa te ho vakoka sahady ve sisa nareo ry Boaikely a !

FILOHA MARC RAVALOMANANA

# Efa ela no vonona amin’ny resaka fifidianana ny TIM



Ny filoha Marc Ravalomanana, teny amin’ny ISTS Mandrimena Antananarivo Atsimondrano.

Naneho ny heviny ny kandida Filoha Marc Ravalomanana nandritra ny famaranana ny fihaonambe nasionaly ny FFKM, mikasika ny fehinkevitra izay nivoaka nandritra ny fifampidinihana sy fifampihainoana teo amin’ny samy Malagasy, nandraisan’ireo mpanao politika sy fikambanana ary fiarahamonim-pirenena anjara teny Mandrimena Antananarivo Atsimondrano . Efa tamin’ny taona 2009 hoy ny Filoha Marc Ravalomanana no efa nolazaina ombieny ombieny raha mbola tany Afrika Atsimo aho ny resaka dialogue na ny fifampiresahana hoe ianareo samy Malagasy aoka hifampihaino , izao isika hoy izy efa taona 2023 dia mbola ventesina ihany izany . Isika angamba hoy izy tsy manana sofina mihaino na manao tsinontsinona na tsy mahay mihaino satria mamerina ankehitriny ny FFKM hoe dialogue na fifampiresahana. Dia ho hitantsika eo satria izy ray amandreny ampanahy manana fahefana ara-panahy amin’ny maha mpaminany azy no miteny. Fa enga anie mba hiasa mahery ny fanahin’Andriamanitra, mba hahafahana mahalala izay tiana resahana. Tsy manana olana amin’ny resaka fifidianana ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) satria efa niomana efa ela izahay hoy izy, efa ela no vonona amin’ny fifidianana ny antoko TIM hoy ihany ny filoha nasionaliny. Fa io apetraka eo ampelatanan’Andriamanitra hatrany satria an’Andriamanitra no mandahatra ny zavatra rehetra.

**Helisoa**

Hialana amin’ny korontana

# Maika ny fifampiresahana mialohan’ny fifidianana hoy ny FFKM



Ireo filoham-piangonana ao amin’ny FFKM.

Nivoaka ny alakamisy teo ny fehin-kevitra mahakasika ny fihaonambe nasionaly nataon’ny FFKM : Fiombonan’ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara, natao tao amin’ ny ISTS Mandrimena Andoharanofotsy Antananarivo Atsimondrano : voalaza fa mila fihaonana maika eto amin’ny firenena handravonana ny zava-misy mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana. Ankoatra izany, tao anatin’izao fihaonambe nasionaly FFKM izao koa no nifampihainoana momba ny fiainam-pirenena. Tonga nandray anjara tamin‘izany ireo ankolafinkery samihafa. Teo ny tolokevitra samihafa momba ny fanarenana ny fiainam-pirenena, andaniny. Etsy ankilany, voaresaka manokana ny momba ny fifidianana: teo ireo vonona ny hiroso avy hatrany amin’izany ; teo ireo nihevitra fa tsy fifidianana mihitsy no hampandroso an’i Madagasikara.
Misy ireo resy lahatra, fa ilaina ny fifidianana saingy tokony hatao aloha ny fandaminana, mba ho feno ny fepetra hisian’ny fifidianana madio mangarahara, eken’ny rehetra. Koa jerena amin‘izany, ny lalam-pifidianana, ny lisi-pifidianana, ny rafitra mitantana ny fifidianana. Teo koa ireo mihevitra fa ilaina ny hisian’ny fitondrana manokana handaminana tsara io fifidianana io.
Manoloana izany rehetra izany dia mahatsapa ny FFKM, fa ilaina ny mbola hirosoana amin‘ny fifampihainoana sy fifampiresahana eo amintsika samy malagasy, ahitana vahaolana malagasy, amin’ny olantsika samy malagasy, ho fisorohana ny ady an-trano sy ny korontana. Maneho ny fahavononany ny FFKM amin’ ny fitarihana izany fifampidinihana izany.

**Nangonin’Isambilo**

Fodiamandry

# Lavo ny Praiminista teo aloha Tantely Andrianarivo

Misaona ny tontolon’ny politika eto amintsika, lavo ny andrarezina, nodimandry ny Praiminista teo aloha Tantely Andrianarivo. Nodimandry tany Frantsa teo amin’ny faha-69 taonany ny lehiben’ny governemanta teo aloha, Tantely Andrianarivo. Izy no Praiminista farany notendren'ny filoha teo aloha, ny Amiraly Didier Ratsiraka, rehefa tafaverina teo amin’ny fitondrana indrayny Amiraly Ratsiraka tamin’ny taona 1996. Efa nisahana ny Praiminista lefitra misahana ny toekarena sy ny vola izy tamin’ny governemanta Pascal Rakotomavo tamin’ny taona 1996. Talohan'ny raharaha 91 dia minisitry ny fitantanambola sy ny toekarena ary ny tetipivoarana i Tantely Andrianarivo. Izy no minisitra tanora indrindra tao amin'ny fitondrana Didier Ratsiraka nandritra ny taona maro, tao amin’ny governemanta Victor Ramahatra. Nanomboka tamin’ny taona 2002 dia tsy nisehatra teo amin’ny raharaha politika intsony ity Praiminista teo aloha ity, ary izy nodimandry izao afak’omaly. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an’ny fianakaviany.

**Niaina**



Ny Praiminista Tantely Andrianarivo fahavelony.

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miala Rajoelina. J- 7
## Herinandro sisa, tsy azo sakanana ny fotoana

Herinandro sisa : J- 7 dia hametra-pialana ny filoha Andry Rajoelina, raha hirotsaka hofidiana amin’ny fifidianana filohampirenena hatao eto amintsika ny 9 novambra ho avy izao izy. Amin’ny heriny anio, 9 septambra tokoa ity filoha amperinasa eto amintsika ity, no tokony hametra-pialana izay. Raha ny fahitana azy dia hirotsaka izy satria hanatanteraka kongresy nasionaly ny antoko TGV amin’ny herinandro ho avy io. Misy amin’izao fotoana ireo ben’ny tanàna terena hilaza fa miantso ny filoha Rajoelina hirotsaka hofidiana. Vao omaly koa no nanambara ireo depiote sasany, sy ireo senateran’i Madagasikara miara-dia amin’ny fitondrana no nilaza sy niantso azy hirotsaka hifaninana amin’io hazakazaka ho eny lavoloha sy Ambohitsorohitra io. Amin’ny lafiny mandrisika ny filoha Rajoelina sy ny andrimpanjakana eto amintsika, handika lalàna ny famelana ny filoha Rajoelina hirotsaka hofidiana, satria efa very ny zom-pireneny Malagasy, noho izy ninia naka zompirenena Frantsay. Ankilany indray, ao ireo milaza fa aleo izy ho afaka hirotsaka dia ho resena mazava amin’ny fifidianana, satria filoha mpandainga, mpampijaly vahoaka, mpiteniteny foana, mpivadibadika amin’ny teny nolazainy, maro ireo velirano tsy vitany, tsy miraharaha ny Malagasy fa manome vahana ny vahiny. Porofo iray farany izao, sainam-pirenena ve dia afarana avy any Chine ? nefa maro ny mpanjaitra mahavita izany, sady mahay lavitra noho ny sinoa raha fanaovana sainam-pirenena izany, ary efa natao teto izany hatramin’izay, tsy hita izay naharatsy azy. Tsy maintsy hisy valiny ireo fanontaniana ireo amin’ny herinandro ho avy io, na ho afaka hirotsaka Rajoelina na tsia, ka dia ho harahantsika eto ihany ny ho tohiny. Na izany na tsy izany, efa vonona hanilika ity filoha tsy mahomby ara-pitantanana ity ny ankamaroan’ny vahoaka tompon’ny fahefana, masi-mandidy amin’ny fifidianana, amin’io fifidianana hatao afaka 2 volana mahery kely io.

**Ny Valosoa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Tokony ho efa fampandehan-draharaha sisa no ataony

Efa ho tapitra ny fe-potoana iasàn'ny filoha Andry Rajoelina sy ny fitondrany, izay andro sisa isaina raha toa ka hanao amboletra hilatsaka ho fidiana ho filohampirenena ny tenany. Tokony ho efa fampandehanan-draharaha sisa no ataony, fa tsy tokony hisy hoe hanao izatsy na zaroa mbola hambaboana ny fon'ny vahoaka Malagasy efa trotraky ny adim-piainana nandritra ny 5 taona nitondràn'izy sy ny forongony. Eo ihany koa ny mbola fanendreny olom-panjakna ambony toy ny governora sy ny sefo distrika sasany nandritra ny filankevitry ny ministra farany teo. Sa misy tetika hangalarana vato satria efa akaiky ny fifidianana? Ankoatra izay vao nampahafatarina ny vahoaka Malagasy, fa nanafatra saina 16 baoritra izay nandaniana ny volam-panjakana nampiasaina amin'ity lalaon'ny nosy ity. Eto Madagasikara ve tsy misy afaka anamboatra saina no dia afarana any ampita andaniana ny volambahoaka ? Ankehitriny natao alasafay ny fanamboarana lalana eto Antananarivo Renivohitra, mba tsy ho afabaraka eo anatrehan'ireo vahiny. Tsy takona afenina anefa izany satria mibaribary ohatra ny vay an-kandrina fa atao zara fa vita ireo lalana amboarina. Ny loto any amin'ny andalovan'ireo vahiny no esorina fa Ra-Malagasy any amin'ny toerana hafa mbola milona tanteraka ao anaty Fako. Ny vahiny izay anafenana mafy ny fahantrana sy ny tsy fahaiza-mitantana eo amin'ny mpitondra no mahatsapa fa mafy ny fahantrana misy eto Madagasikara. Ka na hanao fanatanjahantena aza no andehanana eto dia mahatsapa ny fahasahiranana ka lasa manolotra fanomezana ho an'ireo ankizy sahirana tezaina any amin'ny akany. Nahita ny mafy ny Malagasy nandritra ny fitondràna Rajoelina, satria rendrarendra tsy hihinanan-kanina no nisy teto ary werawera araka ny fitenin-jatovo. Aiza ve ka tranom-panjakàna izay niasan'ny dadany tany Antsirabe no lasa natao Mozea, Mbola velona anie ny dadan'ny filoha Rajoelina sy ny tenany dia manana ny sata ahafahana manambara fa Mozea ve izany ? inona moa no tena zavabitany teto amin'ny firenena e? Ny amiraly Didier Ratsiraka izy tenany aza nitondra ny firenena sady miaramila tsy nanao izany. Hihomehezan'ny olona sisa ny filoha amin'izao andro sisa hipetrahany eo amin'ny fitondràna izao. Mbola vain'afo eo antampondohan'i Andry Rajoelina izao ny resaka Romy-gate sy ny maha vazaha azy, ka dia ho hitantsika eo ihany ny ho tohiny, fa efa sasamiandry izay hiafaran'ity fitondràna ity ny vahoaka Malagasy.

***Helisoa***

Razafitsiandraofa Brunnel

# Tafapetraka ao amin'ny HCC ny dosie firotsahan-kofidiany

Tonga nanatitra ny antotan-taratasy na dosie ahafahana mirotsaka ho filohampirenena Malagasy, tetsy amin'ny fitsarana avo momban'ny lalam-panorenana (HCC), tetsy Ambohidahy omaly maraina ny solombavambahoaka Razafitsiandraofa Brunnel avy amin'ny antoko Apm (Antoko politika Madio), niaraka tamin'ireo vondrona mpanohana sy ireo Rayaman-dreny avy any amin'ny Distrikan'i Ikongo faritra Fitovinany. Nilaza Andriamatoa Razafitsiandraofa Brunnel, fa tsy maintsy mijoro ho fanavotam-pirenena ny olona tia tanindrazana rehefa hita fa tena latsaka an-katerena ny firenena Malagasy ary nanohy fanazavana ity farany, fa ny fanarenana an'i Madagasikara, mba ho lasa lohany eto amin'ny tany sy ny fanjakana no tanjona manomboka izao. Nanamafy izy, fa ny fitondrana an'i Madagasikara amin'ny fahaleovantena amin'ny lafiny rehetra no himasoana raha toa ka mahazo ny fahefana ity farany ary ny fiatrehana ny fifidianana irery ihany no lalana iray ahafahana manatratra ny fanamby ho tombontsoan'ny firenena. Nanambara ity solombavambahoaka voafidy avy any amin'ny Distrikan'i Ikongo ity, fa miombon-kevitra amin'ny Ffkm ity farany raha toa ka ny fifampiresahana sy ny fifampidinihana no lalana iray ahafahana mandamina ny fiarahamonina entina hanorenana ny firenena. Nilaza ity mpitarika ny antoko Apm ity, fa tsy tokony hitarina ny fampiharan-dalàna eto Madagasikara raha ny « Article 42 » voafaritry ny Lalampanorenana momban'ny zom-pirenena hafa no resahana ary tsy azo iadian-kevitra ny fialan'ny zompirenena Malagasy an'i Andry Rajoelina, satria olompirenena feno taona ka nangataka zom-pirenena vahiny ity farany.

***Franck Razakambelo***



*Ny kandidà Razafitsiandraofa Brunnel izay ireo mpiara-dia aminy, tetsy amin'ny HCC Ambohidahy omaly.*

ANDRY RAOBELINA SY SITENY

# Samy kandidà ho filoham-pirenena 2023

Nanao fanambarana ofisialy i Andry Raobelina, Filohan'ny ARB (Anjomaro sy Rivo-Baovao) ny alakamisy 31 aogositra teo, fa ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenana amin'ny 09 novambra izao. "Tsy afaka ny mbola hizaka 5 taona ao anatin'ny fifandroritana politika izay miteraka fihemorana toy izao isika. Fahadisoana lehibe eo anatrehan'ny tantara ny mijanona na miharitra fotsiny", io no teny fampidirana nataony tamin'ny fanambarana ny amin'ny maha kandidà azy. "Ekeko ary raisiko ho andraikitra sy adidy masina ny hirotsaka hofidiana Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara", hoy i Andry Raobelina, izay mpandraharaha ara-toekarena, manana haino aman-jery maromaro miasa eto amintsika izy ankehitriny.

Ny alakamisy teo ihany koa no nanao fanambarana tany Toliara ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko, fa ho kandidà amin'ny fifidianana ny 9 novambra ho avy izao. Ny famotsorana ireo gadra politika rehetra, no anisan'ny nambarany tamin'izao fanambarana nataony, tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana izao.

***Stefa***







*Ny kandidà Andry Raobelina sy Siteny Randrianasoloniaiko.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety sy ho an'ny rehetra izao soratana manaraka izao : mbola tsy nisokakatra akory ny fanadihadiana momba ilay faty olona teny Mahamasina noho ny fifanosehana teo amin'ireo olona aman' arivony tsy tafiditra tamin'ny fan,okafana ny Jeux des Iles dia efa miteny sahady ny sasany fa ny mpanohitra hono no tao ambadika. Izany no tena hoe " Affirmation gratuite ". Rehefa misy tsy fahatomombanana sy lesoka ary tsy fahafehezana ilay tranga miseho dia miala andraikitra foana, ka ahilika any @ mpanohitra ny fahadisoana. Fa angaha ny mpanohitra no tompon'andraikitra t@ organisation? ny niandraikitra ny fandaminana teo ivelany sy tao anatiny? ny niandraikitra ny gestion des foules ? ny niandraikitra ny sécurité? Aza ahilika any @ hafa ny lesoka niseho sy tsy fahafehezana ny tranga toy ireny. Ny mpitondra no tompon'andraikitra tamin'ny fandamianana rehetra, noho izany izy ireo no tompon'andraikitra voalohany tsy afa-miala tamin'ireny faty olona maro ireny.

***Tsiry Ratsimbaharimanga***
***Filohan'ny Tanora RMDM Analamanga***

## TONONKALO

### Any ianao Ramaroanarana

Maro ihany ireo filoha fa saingy ianao no maro anarana,
Ary na ny lisitra aza toa ahiana tsy hifarana.
Raha ny anaranao manokana dia toa miampy am-pandehanana,
Indrindra indrindra tao ho ao satria akaiky fifidianana !

Rainilainga, Rainidedaka, no santionany amin'izany.
Tena anarana malaza sy manako eran-tany !
Saingy toa tsy « laza tsara » no fonosin'izy ireny,
Fa ny « laza ratsy » hatrany, ka ny moana mila hiteny !

Maro ihany ireo filoha fa saingy ianao no maro anarana,
Sady toa mitombo hatrany sy tsy manam-pitsaharana.
Raha izay dia lasanao ny amboara maha tompondaka.
(Tsisy maharesy anao ireo filoha sy ireo mpanjaka !)

...Koa arahaba no atao ary arahaba no atolotra.
Taomy mba hampita izany an-tserasera ry bemolotra.
Fa raha hoe anaram-bosotra, raha izay io no hifanintsanana,
Tena montsanao ny hafa raha vao hisy fifidianana !

***DADAN'i ZINA (26-08-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fanasana ireo mpanao politika nataon'ny FFKM, nandritra ny fihaonambe nasionaly nataony teny amin'ny ISTS Mandrimena, nifarana ny alakamisy lasa teo.**









**Nisy ny fihaonana teo amin'ny COMTIM, DISTIM Boriboritany faha-5 sy ny biraon'ny Foko-TIM isam-pokontany. Nitarika ny fotoana ny depiote Fetra Ralambozafimbololona. Ny votoatin'ny fivoriana dia ho fiomanana amin'ny fifidianana sy fananganana ny KMMR ao amin'ny distrika Antananarivo V.**











## NY TENY FIAINANA

*"Eny an-danitra Jehovah miondrika mijery ny zanak'olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an'Andriamanitra."*
***Salamo 14:2***

### COUPE DU MONDE FIFA 2026

# Ireo lalao hatrehan'ny Barea amin'ny fifanintsanana

Nivoaka ankehitriny ny tetiandron'ireo lalao fifanintsanana baolina kitra « Qualification - Coupe du Monde FIFA 2026 », ho atrehan'ny Barea de Madagascar, izay ao anatin'ny vondrona I miaraka amin'i Mali, Ghana, République Centrafricaine, Comores ary i Tchad. 13-21 novambra 2023 : J1-Ghana # Madagascar, J2-Tchad # Madagascar. 3-11 jona 2024 : J3-Madagascar # Comores, J4-Madagascar # Mali. 17-25 martsa 2025 : J5- Centrafrique # Madagascar, J6-Madagascar # Ghana. 1-9 septambra 2025 : J7-Madagascar # Centrafrique, J8-Madagascar # Tchad. 6-14 oktobra 2025 : Comores # Madagascar, J10-Mali # Madagascar.

**Rainilita**



*Ny Barea an'i Madagasikara 2023.*

### Lalaon'ny Nosy 2023

# Nahazo medaly volamena isika teo amin'ny paralympique

Nahazo medaly volamena ihany koa i Madagasikara teo amin'ny paralympique amin'ny Lalaon'ny Nosy atao eto amintsika. Athletisme paralympique: norombahan'i Andrianarindra Nancy Carnen ny medaly volamena teo amin'ny hazakazaka 200 m sokajy vehivavy marenina. Medaly alimo kosa no azon'i Rakotomanana Tolojanahary Fredon tamin'ny sokajy lehilahy marenina. Ankoatr'izany teo amin'ny Karaté-do : medaly volamena miisa 5 no azon'ireo atleta karateka Malagasy tamin'ireo 6 niadiana.

Kumite individuel dames:
- 61 kg: Elodie Razafimboninahitra.
- 68 kg: Jessica Raboanaritompo.
+ 68 kg: Nancy Ravahamanantsoa.

Kumite individuel hommes:
- 75 kg: Jean Raherimahaleo.
- 84 kg: Patrick Rijaharitiana.

**Lita**



*Atleta Malagasy mandray anjara tamin'ny Lalaon'ny Nosy.*

### Lalaon'ny Nosy

# Hitohy anio sabotsy ny lalao Rugby à 7

Hitohy anio sabotsy 02 septambra 2023 etsy amin'ny kianja « Stade Makis Andohatapenaka » nasiam-panavaozana, toy ny fitoerana fijerem-baolina eny amin'ny Tribune, ao amin'ity kianja ity, ny toeram-pivoahana ao aminy, ny toeram-pisoloana akanjo hoan'ireo mpilalao « vestiaires » ary ny lalana fidirana ao anaty kianja. Fandaharan-dalao ny lalao Rugby à 7 ao anatin'ny fifaninanana Lalaon'ny Nosy 2023. Omaly zoma 01 septambra 2023 dia lalao nahatratra 12 be izao no narahana teny an-toerana. Fandaharan-dalao sabotsy 02 aogositra : M13-13h00-13h22 : 1er ½ Final (V), M14-13h24-13h46 : 2e ½ Final (V), M15-13h48-14h10 : 1er ½ Final (L), M16-14h12-14h34 : 2e ½ Final (L). M17-15h00-15h22 : 3è Place médaille de bronze (F), M18-15h24-15h46 : 3è Place médaille de bronze (V ), M19-15h48-16h10 : Final médaille d'or (F), M20-16h12-16h34 : Final médaille d'or (F). 17h00-Remise de médaille (V), 17h30-Remise de médaille (L).

**Rainilita**



*Kianja Makis Andohatapenaka.*

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anandrano indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra izany, na atao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Jus celery sy kôkômbra

Soa azo avy amin'ny jus celery sy kôkômbra amin'ny vatan'olombelona
Ny soa azo avy amin'ny jus-na celery sy kôkômbra indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny jus an'izy ireo dia tsara ho 'nyan aty , vavony , tsinay , manadio ny ao anaty rehetra. Mety ho an'ny olona rehetra ihany koa izany taharo fangarona natao ho rano azo sotroina izany.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Betsizaraina distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Betsizaraina distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Betsizaraina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny kafe, ny jirofo, ny lavanila, ny akondro, ny letchi, ny manga. Misy mpanjono koa ny mponina any Betsizaraina, noho ity tanàna ity manakaiky ny Lakandranon'i Pangalana sy ny reniranon'i Mangoro.



ZAZA 16500 TSY VITA VAKSINY FENO

# Nanofana mpitily aretina ho an'i Madagasikara Etazonia

Zaza maherin'ny 16.500 no hitan'ireo manam-pahaizana manokana momba ny areti-mifindra fa tsy nahavita vaksiny feno, nanofana mpitily aretina ho an'i Madagasikara i Etazonia. Manamafy ny fahaiza-manaon'ny mpiasan'ny fahasalamana eto Madagasikara i Etazonia mba hisorohana, hitilina ary handraisana andraikitra avy hatrany manoloana ireo hamehana ara-pahasalamana, hanatsara ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy ary hampihena ny loza mitatao maneran-tany amin'ny fahasalamam-bahoaka. Nandritra ny lanonana notontosaina tao amin'ny Ivontoeram-Pirenena ho an'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fiarahamonina, dia niaraka tamin'ny solontena avy ao amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka i Anna Bowen, mpanolotsaina maharitra avy ao amin'ny Foibe Amerikana momba ny Fanaraha-maso sy ny Fisorohana ny aretina (CDC) ho an'ny Vinan'ny Filoha Amerikanina iadina amin'ny tazomoka (PMI), ary nanolotra ny mari-pahaizana ho an'ireo manam-pahaizana momba ny areti-mifindra miisa 20 avy amin'ny ministera. «Ireo izay vao nahazo diplaoma ireo, izay avy amin'ny lafy valon'i Madagasikara, dia hanampy amin'ny fisorohana, ny fitiliana ary ny famaliana amin'ny fomba mahomby kokoa ny hamehana ara-pahasalamana, ary hiaro ny fahasalaman'ireo vahoaka Malagasy», hoy Ramatoa Bowen nandritra ny lanonana. «Satria efa mpiasan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka izy ireo dia hanohy hanamafy ny rafitra ara-pahasalamana mandritra ny fotoana rehetra iasany». Ireo izay vao nahazo diplaoma ireo dia hanampy isa ireo olona 37 izay efa nanaraka fiofanana nandritra ny 12 herinandro tao anatin'ilay Fandaharanasa maneran-tany momba ny fianarana mitily ireo areti-mifindra eny ifotony (FETP), izay novatsian'ny CDC sy ny PMI. Efa nahita trangan'aretina lefakozatra tsy voatily maherin'ny 130, zaza 16500 tsy nahavita vaksiny feno, ary efa nanadihady ihany koa ireo tsy fetezana teo amin'ny angon-drakitra ara-pahasalamana, mba hanatsarana ny vokatra ireto mpiasan'ny fahasalamana vao nahazo diplaoma ireto.



*Manam-pahaizana momba ny areti-mifindra vao nahavita fiofanana.*

Miara-miasa akaiky amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny CDC ireo mpitily aretina nahazo fiofanana, ary manampy ny Ministera sy ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny Fahasalamana, amin'ny fitilina ireo tranga an-jatony ahiahiana amin'ny lefakozatra sy ny fandraisana andraikitra manoloana izany. Manome fiofanana ireo mpiasan'ny fahasalamana avy amin'ny firenena miisa 80 ny FETP amin'ny fanangonana, ny fitilina ary ny famakafakana ireo angon-drakitra, ary ny fandraisana andraikitra faran'izay haingana ihany koa manoloana ireo areti-mifindra. Mijoro eo anilan'i Madagasikara toy ny «Mpirahalahy mianala» Etazonia mba hanampy amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka malagasy. Amin'ny alàlan'ny USAID, ny governemanta amerikana dia mijanona ho mpamatsy vola lehibe indrindra raha samy firenena eo amin' ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara; fanampina mitentina 72 tapitrisa dolara amerikana, no nomeny ho fanohanana ireo hetsika ara-pahasalamana tamin'ny taona 2022.

**Aly**

Baolina kitra Eoropeana

# UEFA Champions League, vita ny antsapaka isaky ny vondrona

Vita afak'omaly hariva, tany Monaco ny antsapaky ny lalao isam-bondron'ny UEFA Champions League 2023-2024, fiadiana ny ho tompon-dakan'i Eoropa eo amin'ny isan-tarika baolina kitra. Toy izao izany

Vondrona **A** :
Bayern Munich
Manchester Utd
Copenhague
Galatasaray

Vondrona **B** :
FC Séville
Arsenal
PSV Eindhoven
RC Lens

Vondrona **C** :
SSC Naples
Real Madrid CF
Sporting Braga
Union Berlin

Vondrona **D** :
Benfica Lisbonne
Inter de Milan
RB Salzbourg
Real Sociedad

Vondrona **E**
Feyenoord Rotterdam
Atletico de Madrid
Lazio Rome
Celtic Glasgow

Vondrona **F**
Paris-Saint-Germain
Borussia Dortmund
AC Milan
Newcastle United

Vondrona **G**
Manchester City
RB Leipzig
Étoile Rouge de Belgrade
Young Boys

Vondrona **H**
FC Barcelone
FC Porto
Shakhtar Donetsk
Royal Antwerp



*Ny kianja Wembley Stadium any Londres, hanaovana ny lalao famaranan'ny UEFA Champion's League.*

Hanomboka ny 19 sy 20 septembre 2023, izao ny andro voalohany. Raha toa ka 3 sy 4 oktobra ny andro faharoa. Ny andro fahatelo dia 24 sy 25 oktobra. Ny 7sy 8 novembra 2023 ny andro faha-4. Ny 28 sy 29 novembra ny andro faha-6 ary 12 sy 13 desambra 2023 kosa ny andro faha-7 farany amin'ny fifanintsanana. Ho tanterahina ny 18 desambra 2023 ny antsapaky ny ampahavalondalana, raha toa ka 13-14-20-21 febroary ny 5-6-12-13 martsa 2024 ny lalao ampahavalondalana. Tontosaina ny 15 martsa 2024 ny antsapaky ny ampahaefadalana sy manasadalana. Hanomboka 9-10 ary 16-17 aprily 2024 ny lalao ampahefadalana. Ny lalao manasa-dalana ny 30 aprily sy 1 mey ary 7 hatramin'ny 8 mey 2024. Ny lalao famaranana kosa dia ho tontosaina ny sabotsy 1 jona 2024, any Wembley Stadium, Londres.

**Lita**

Mitokona ny mpikirakira hena

# Mananosarotra ny fahitana henomby sy hena kisoa any Toamasina

Mananosarotra amin'izao fotoana ny fahitana henomby sy hena kisoa any Toamasina faritra Atsinanana, ny antony dia satria mitokona ireo mpikirakira ny resaka hena any an-toerana : ny mpamono omby, sy ny mpivaro-kena. Efa ho 2 andro tsy nahitana henomby sy kisoa ny tsena rehetra ao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Mitokona ireo mpikirakira hena rehetra manoloana ny fahafantaran'izy ireo, fa efa lafo tamina orinasa Sinoa ny toerana famonoana omby sy kisoa any an-toerana, any amin'ny Cité Canada izay toerana efa namonoana omby hatramin'izay. Voalaza fa hafindra any amin'ny toeran-kafa ihany ko aizy ireo satria hoe tery izany toerana izany. Tsy manaiky izany anefa ireto mpikirakira hena ao Toamasina ireto ka izao nampitsahatra ny asany izao aloha, mandra-pisian'ny vahaolana. Hitohy hatramin'ny anio ny fitokonana fanairana ao anatin'ny faritry ny labatoara, ary tsy mbola hisy ihany koa ny hena manerana ny tsena rehetra.

**Niaina**



*Ny fitokonan'ireo mpikirakira ny resaka hena any Toamasina.*

Fiainam-pirenena

# Manan-kambara amin'ny famerenana ny tena Fihavanana ny AFK



Mila miresaka ny olom-pirenena, indrindra ireo mpanao politika na antoko politika, ho amin'ny hisian'ny hevitra iraisana amin'ny fifidianana. Navoitran'ireo raiamandreny ara-panahy eo anivon'ny FFKM tsara ny amin'izany tamin'ny fihaonambe nasionaly nokarakarainy tamin'ity herinandro ity. Ny tanjona dia ny hisian'ny fifidianana mangarahara sy madio ary eken'ny rehetra. Tandindonin-doza ny hoavin'ny firenena raha izao zotra hitondrana azy izao. Mahazo vahana tanteraka ao anatin'izany ny tsy fifampitokisana sy ahiahy maro, noho ny fahitana ny zava-misy amin'ny fanomanana ny fifidianana. Miombon-kevitra ny maro, ankoatra ireo eo anivon'ny fitondrana sy ny mpanohana azy izay tsy tonga namaly ny antson'ny FFKM, fa mila milamina ny fanomanana ny fifidianana, mila madio ny fifidianana hotanterahina.

Tsy maintsy averina ny fifampitokisana eo amin'ny mpisehatra rehetra, olom-pirenena, fikambanana samihafa, mpanao politika sy antoko politika eto amin'ity firenena ity, raha tiana ho tratra ny tanjona. Ny tanjona, dia ny hilaminan'ny firenena mialoha, mandritra, ary aorian'ny fifidianana. Ny fihaonana sy ny fifampiresahana ihany no lalana iray ho amin'izany. Ao anatin'izay no hibanjinana ny soatoavina maha malagasy ka hamerenan-kasina ny fihavanana. Io fihavanana io anefa, dia tsy atao toy izay lasa izay, ka nitsinjovana izay hahasoa sy hahamety fotsiny ny fiainan'ny olom-bitsy mikatsaka tombontsoa manokana. Fa fihavanana miverina amin'ny fototra tany am-boalohany fahagolan-tany. Ilay fihavanana tsy noharoharoina fitsinjovana tombontsoan'olom-bitsy, fa ilay mikendry ny hahasoa ny daholobe. Nanao fanadihadiana lalina ny amin'izay fototry ny fihavanana malagasy izay ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Afaka mahazo ny fanazavana ny antsipirian'izany izay olom-pirenena liana. Efa nanaovany famelabelarana mazava izany nandritry ny varavarana misokatra sy Loabariandasy nokarakarainy tany amin'ny volana martsa 2023. Tsiahivina hatrany, fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana 034 17 460 53.

**Aris**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 26/08/2023 hatramin'ny 02/09/2023**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (AndravoahangyAmbony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1468-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## VONDRONA EOROPEANA

# 325 tapitrisa euros no natokany amin'ny fifandraisana amin'i Madagasikara

Nontanterahana tamin'ity herinandro ity ny andiany faha-11 amin'ny fifanakalozana eo amin'ny Governemanta Malagasy sy ny Vondrona Eoropeana. Notanterahina teny amin'ny ministeran'ny Raharaham-bahiny Anosy izany fifanakalozan-kevitra (dialogue politique) eo amin'ny fitondram-panjakana Malagasy sy ny Vondrona Eropeana izany, ny governemanta Malagasy notarihan'ny Praiminisitra Ntsay Christian, ary natrehin'ireo mpikambana maromaro ao amin'ny Governemanta sy ireo mpiara-miombon'antoka voakasika. Teboka maro no navoitra nandritra ny fihaonana, ka isan'izany ny ady eo amin'ny Rosia sy Ukraina, ny fanomanana ny fifidianana ho filohampirenena malagasy amin'ny volana novambra ho avy io. Nodinihana ihany koa ny eo amin'ny lafiny toe-karena sy ny lafiny sosialy amin'ny sehatra maro samihafa. Isan'ny zava-dehibe noresahina ny angôvo, ny rano, ny lalana, ny fanatsarana ny tontolo iainana, ny fambolena, ny jono, ny fahasalamana, ny fitsarana ary ny fandriampahalemana an-dranomasina. Marihina fa vola mitentina 325 tapitrisa euros, no natokan'ny Vondrona Eoropeana eo amin'ny fifandraisany amin'i Madagasikara. Maro ny tokony mbola ho amboarina sy hamafisina eo amin'ny fifandraisana eo amin'ny roa tonta ary samy naneho fahavononana amin'izany ny rehetra.

*Aly*



*Ny avy amin'ny Vondrona Eoropena, tetsy amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Anosy.*

Manana mari-pahaizana ambony indrindra

# 43 taona ny fivondronamben'izy ireo na ny CPTPM

43 taona ny fivondronan'ireo manana mari-pahaizana ambony eto amintsika, na Collectif des Professeurs Titulaires et Professeurs des Universités de Madagascar (CPTPM).
Vory lanona teny amin'ny "Mining Business Center" Ivato ny fivondronamben'ny Profesora tompon-toerana sy ny Profesora eny amin'ny Oniversite manerana ny Nosy ny 29 Aogositra 2023 teo, nandritra ny fanokafana ny fankalazana ny faha 43 taonany.
Nisolotena ny Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa, Pr Assoumacou Elia Béatrice, nanome voninahitra sy nanokatra ny lanonana ny Tale Jeneralin'ny Fampianarana Ambony, Pr Rajaonarison Jean François.
Ny 4 febroary 1980 no niforonan'ny ny CPTPM. Miisa 353 ireo mpikambana ankehitriny ary 76 ireo "maître de conférence" HDR vaovao noraisina nandritra ny lanonana. Tanjona ny fanamafisana ny firaisankinan'ny mpikambana ao anatin'ity fiombonambe ity manerana ny Nosy. Nodinihana nandritra ny 3 andron'ny fankalazana, ireo lohahevitra entina hanatsarana ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa , ary nisy ny fehin-kevitra vaovao haroso amin'ny Ministera mpiahy tao aorian'izany.
Noantitranterina nandritra ny fotoana ny fanaingana ny rehetra, ho amin'ny fiaraha-mientana ho fanarenana sy ho fampivoarana ny Fampianarana Ambony, sy ny Fikarohana eto Madagasikara.

*Aly*




*Fivoriamben'ny CPTPM teny amin'ny MBC Ivato tamin'ity heri-*

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 442**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0441)

*Mitsivalana*
- Bibilava
- Loza (miv) – siv(y)
- Raraka
- BV
- Antitra
- Ireo – ST
- Mafy (miv) – Fia

*Mitsangana*
- Barea
- Iza – Nif(y)
- Boritra
- Ila – Mey (miv)
- Koto
- Asa
- Vy – Basy
- Vava (miv) – Ta

## TENY MIFANAPAKA N° 442




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pamokarana **2.** Naoty – Haingo mihaja **3.** Voaray – Làlam-pirenena **4.** Fiandohan'ny rivotra – Tapakila mahazo loka **5.** Miaraka amin'ny fanoto (miv) – Enti-milaza **6.** Manome, manolotra vola – Paositra Malagasy **7.** Manazava ny tranonay **8.** Olo-masina – Tovona (miv) **9.** Ohatra – Tsofoka fanitarana – Omby **10.** Asehonay eny ivelany

**Mitsangana**

**A.** Voamaina **B.** Alina – Hekitara **D.** Alindrano **E.** Isa Romana – Tsarovy **F.** Nomena **G.** Faran-teny – Entina manontany (miv) **H.** Maharitra – Hatsiaka **I.** Solfa – Teny ratsy – Hita amin'ny trano sy tany **J.** Litera tsy mitovy – Ilaina, irina **K.** Seho (miv) – Kila firehitra

## Valiny Teny mifanaraka 0441

**Mitsivalana**

1. Fanomezana 2. Osy - Inona 3. Katolika 4. Akany - MD 5. Nay - Maody 6. Ianao (miv) - Lahy 7. Naoty 8. Alimo (miv) - Nino 9. Nono - Fa - Ar 10. Ara - Zo - Ony

**Mitsangana**

A Fokonolona B. Asa - AA - Mor(a) D. Nitaingina E. OK - Lo F. Milamina G. Enina - Fo H. Zokiolona I. Ana - Daty J. Na - Mihinan(a) K. TD - Ory

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fanasana ireo mpanao politika nataon'ny FFKM, nandritra ny fihaonambe nasionaly nataony teny amin'ny ISTS Mandrimena, nifarana ny alakamisy lasa teo.**













